Mankahala ny Tsy Rariny Andriamanitra

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

Mpandray anjara: Ahaba, Jezebela, Nabota, ary Elia

Famintinana: Nampirisihin'i Jezebela hamono olona i Ahaba Mpanjaka mba hahazoana tanimboaloboka.

❶ *ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY 1 MPANJAKA 21:1-26.*

Mety ho hoatran'ny ahoana ny paozin'ireo olona efatra ao amin'ilay tantara?

Ahaba_____

Jezebela_____

Nabota_____

Elia_____

Mety ho hoatran'ny ahoana ny feon'i Jezebela sy Ahaba eo amin'ny andininy 5-7?

_____

Alao sary an-tsaina ilay korontana eo amin'ny andininy 13 ary tantarao._____

_____

Manao ahoana ny fihetseham-pon'i Elia sy Ahaba eo amin'ny andininy 20-26?_____

_____

❷ *FAKAFAKAO ILAY TANTARA.*

Manao ahoana ny toetran'i Jezebela raha jerena ny andininy 7 sy 25?_____

Manao ahoana ny toetran'i Ahaba raha jerena ny andininy 4?_____

Iza koa no tsy maintsy novonoin'i Ahaba mba hahazoana ny tanimboalobok'i Nabota? (Vakio ny 2 Mpanjaka 9:24-26.)_____

Ahoana no fiheveran'i Jehovah an'i Ahaba? (*Vakio indray ny andininy 25 sy 26.* Jereo koa ny 1 Mpanjaka 16:30-33.)_____

_____

3 *AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA AN'IRETO:*

Hitan'i Jehovah ny tsy rariny._____

Mangoraka ny olona iharan'ny tsy rariny i Jehovah._____

Ny fomba ampisehoan'i Jehovah fa tia rariny izy. (Vakio ny Deoteronomia 32:4.)_____

4 *FAMPIHARANA HAFA.*

Ahoana no mety hananan'ny olona sasany toetsaina mitovy amin'ny an'i Jezebela? (Vakio ny Apokalypsy 2:18-21.)_____

Rehefa inona ianao no mety hila herim-po toa an'i Elia?_____

Rehefa mahita tsy rariny na iharan'izany ianao, inona no azonao antoka?_____

5 *INONA NO HITANAO HOE TENA MAHASOA ANAO AMIN'IO TANTARA IO? NAHOANA?*

_____

Soso-kevitra Ataovy toy ny hoe vaovao amin'ny tele na radio io tantara io, ary mpanao gazety mitantara an'izay niseho ianao. Adinadino ireo olona misongadina ao amin'ilay tantara, sy ireo nahita an'izay nitranga.

www.jw.org © 2012 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania